AMBOHIJANAKA 4

# NANAPOAKA BASY ILAY SINOA NIFAMALY TAMIN'NY MPIASA

Gazetiko
www.gazetiko.mg

Laharana 7563 Taona faha-25 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alatsinainy 08 may 2023

MARINA IZANY ! 7

## AZO ATAO TSARA... !

COVID 19 3

## "TSY HAMEHANA ARA-PAHASALAMANA INTSONY", HOY NY OMS

"MISS MAJESTICS" 4

## MATY TAMIN'NY MÔTÔ NENTIN'NY ANADAHINY

TOURNOI INTER MÉDIAS 2



## TONGA TANY AMIN' NY MANASA-DALANA NY VONDRONA MIDI

RUGBY 2



## MISY MIKIRY HANAO FIFIDIANANA, TOKANA NY KANDIDA

AKON'NY SPAORO 2

"FESTIVAL CULTUREL DE MEDINE" 3



## NASONGADINA TAMIN' IREO VAHINY NY "MAKI DE MADAGASCAR"

MARC RAVALOMANANA 7

## "MAIKA NY HIROSOANA AMIN'NY FIFIDIANANA, TSY MILA TETEZAMITA IZANY





Rugby

# Misy mikiry hanao fifidianana, tokana ny kandidà

Na teo aza ny fandrarana nataon'ny teo anivon'ny Malagasy Rugby, tsy nihemotra fa mikiry ny hanatanteraka ny fifidianana hatrany ireo ankolafy ilany. Raha ny voalazan'izy ireo, hatao amin'ny sabotsy 20 may ho avy izao eto Antananarivo izany, ka kandidà tokana, Sambotody Dorien, ihany no namaly ny antso. Raha ny tetiandro napetrak'ilay CENI natsangan'izy ireo dia nanomboka tamin'ny 20 avrily ka hatramin'ny 4 may lasa teo no daty nandraisana ny antontan-taratasy ho an'izay naniry ny hilatsaka. Tamin'ny 5 may kosa no nalefan'izy ireo ny taratasy fiantsoana ny mpifidy, ary voalaza fa nanaraka ny fe-potoana ara-dalàna izy ireo. Andrasan'ny maro noho izany ity toe-draharaha ity, satria dia efa nanao fanambarana ny mpitantana ny Malagasy Rugby, andro vitsy lasa izay, fa tsy ara-dalàna ary tsy mitombina ny fikasana hanatanteraka fifidianana. Nilaza ny hitory amin'ny sehatra iraisam-pirenena mihitsy moa ny Malagay Rugby. Ankilany, miezaka hatrany ilay CENI natsangan'ny avy etsy andaniny hanatanteraka fifidianana, izay milaza fa manaraka ny ara-dalàna, taorian'ny nahazony fankatoavana ny fivoriambe nataony tamin'ny 18 avrily. Mahatsiaro sanganehana ihany ny mpankafy ity taranja baolina lavalava ity manoloana izany, satria ireto farany dia iantehatra tanteraka amin'ny Minisiteran'ny Tanora sy Fanatanjahantena, izay voalazany hatrany fa nanatrika ilay AGE nataony. Any amin'ny MJS izany aloha ny baolina, izay niaraha-nahatsiaro fa efa nanome ny taratasy hahafahan'ny ekipan-dRamarcel hanao ny asany, talohan'ny nanombohan'ny fifaninana TOP20 teo.

Rabenaivo

Basket sy Kitra - "Tournoi Inter Médias"

# Tonga tany amin'ny manasa-dalana ny vondrona Midi Madagasikara




Tsy nitsanga-menatra ny ekipan'ny Vondrona Midi Madagasikara tetsy Mahamasina. (Sary : Nary R.)

Na teo amin'ny basketball na ho an'ny baolina kitra, samy tonga teo amin'ny manasa-dalana ny ekipan' ny Vondrona Midi Madagasikara, nandritra ny "Tournoi Inter Médias", natao ny asabotsy teo tetsy amin'ny kianja Barea. Tsy nitsanga-menatra avokoa izy ireo, izay tsy nampoizin'ny maro ihany raha ara-taratasy saingy nanahirana ireo mpifanandrina taminy kosa rehefa teny an-kianja. Ho an'ny taranja baolina kitra, resin'ny RVS(Radio Voix de la Sagesse) tany amin'ny fandakana (t-à-b) ny ekipan'i Aris Rafaly. Tsy ampy hiakaran'izy ireo tany amin'ny lalao famaranana ny baolina tokana tafiditr'i Samson, raha roa kosa no tafiditry ny mpifanandrina. Marihina fa nisaraka ady sahala 1 no ho 1 ny ekipa roa tonta, nandritra ny fe-potoana ara-dalàna(10mn X2). Tsiahivina fa tafavoaka voalohany ny ekipan'ny Midi tany anaty vondrona, taorian'ny ady sahala samy tsy nisy nitoko tamin'ny Ultima Mèdia sy nandavo tamin'ny isa 3 no ho 0 ny Fréquence plus. Teo amin'ny ampahavalon-dalana indray, dia nivoaka mpandresy, tamin' ny isa 1 no ho 0 izy ireo nanoloana ny vondrona Prey. Adin'ny samy iray tanàna kosa ny lalao ampahefa-dalana, izay nivoahan'ny Midi ho mpandresy, tamin'ny isa 2 no ho 1 nanoloana ny Matv. Teo amin'ny manasa-dalana kosa no raraka izy ireo. Ny ekipan'ny Ilontsera kosa no nandrombaka ny anaram-boninahitra rehefa nanilika ny RVS. Ho an'ny basketball, teo amin' ny manasa-dalana ihany koa no nihintsana ny ekipan' ny Midi, izay lavon'ny RVS hatrany. Niady ny lalao ary efa taty amin'ny farampara'ny fihaonana vao resy ry Julian, Maharo, Ariel, Princy, Vola, Tanya, Tahiry, Rado, Erys. Ny ekipan'ny Kolo kosa no tompondaka, rehefa nandavo ny RVS teo amin'ny famaranana.

Rabenaivo

"Journée des médailles"

# Nahazo fankasitrahana ireo atleta mendrika

Tsy nanadino ireo atleta nitondra avo ny voninahi-pirenena nanomboka tamin'ny 2019 ny filoha Andry Rajoelina. Omaly no noraisiny teny amin'ny Lapan'ny Iavoloha izy ireo, notolorana mariboninahitra sy maripankasitrahana. Anisan'izany ny taranja tsipy kanetibe, karate, tennis, Rugby vehivavy, Atletisma, Taekwondo, Tolona, Judo. Ny fandresena azonareo, hoy ny Filoha, dia fandresena ho an'i Madagasikara, ary mamelona sy mampiredareda ny afon'ny hambom-pom-pirenena. Mitohy hatrany, hoy izy, ny fanohanana ny fanatanjahantena malagasy ary marik'izany ny nananganana ireo kianja miisa 30 manerana ny Nosy sy ireo kianja mitafo miisa 18, izay efa vita sy an-dalam-pahavitana. Manodidina ny lalaon'ny Nosy, dia nambaran'ny Filoham-pirenena fa misy ny fotokevitra hijoroana dia ny hoe fandresena ao anatin'ny firaisan-kina sy ny fahasamihafana. *"Hasehontsika manerana ny oseana indiana izany"*. Midika ho fahavononan'ny fitondram-panjakana amin'ny fandraisana ity lalao ity izany, ka efa napetraka ny minisitra "coach" isaky ny taranjam-panatanjahantena handraisana anjara.

Rabenaivo

## Akon'ny Spaoro

***Kitra** – Mitohy hatrany ny fanambarana miharo fanakianana ataon'ny Barea Chan, mahakasika ny "Prize Money". Tamin'ny faran'ny herinandro teo dia i Dax indray no nilaza tao amin'ny "compte FB"-ny fa lelavola 25 tapitrisa Ar no voarainy. Nanambara fa tsy hanaiky izany ny tenany satria dia izy ireo no niady mafy tamin' iny CHAN farany teo iny. Ankilany, nilaza fa mbola hidinika mahakasika ity tranga ity ny eo anivon'ny komity mpanatanteraka eny anivon'ny FMF, ka antenaina fa hivaha sy hiravona tsy ho ela ny olana, izay tena mampisy fanehonkevitra maro, indrindra eny anivon'ny tambajotran-tserasera eny.

***Basket** – Faharesena hatrany no azon'ny Ankoay, tamin'ny faran'ny herinandro teo tany Eilat Israel, nandritra ny lalao fifanintsanana hiakarana amin'ny fiadiana ny amboara eran-tany, ho an'ny 3X3. Teo amin'ny lalao voalohany, niondrika tamin'ny isa 9 no ho 21 izy ireo, nanoloana ny ekipam-pirenen'i République Tchécoslovaquie. Teo amin'ny lalao faharoa, mbola io isa 9 no ho 21 io hatrany no nanilihan'ny Australia azy ireo. Tapitra hatreo izany aloha ny nofinosy ho an'ny ekipam-pirenena vehivavy, hiatrika ny fiadiana ny amboara eran-tany ity.

Rabenaivo

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Izay tianao hahatongavany rahatrizay, meteza ianao ho tena reny, reny miavaka, reny modely."

**Ny Vetso (07.09.16)**

("Be the women you want your daughter to be.")

Kitra - ACL

# Natrehin'ny minisitra sy governora ny fanokafana



Nandritra ny lanonam-panokafana omaly tetsy Ambohimamory.

Nosokafana tamin'ny fomba ofisialy omaly tetsy amin'ny kianja Ambohimamory ny andiany faharoa tamin'ny "Atsimondrano Champion's League", taranja baolina kitra. Tonga nanome voninahitra izany teny an-toerana ny sekreteram-panjakana misahana ny tanana vaovao, Gerard Andriamanohisoa, sy ny governoran'Analamanga, Rasoamaromaka Hery, izay samy nidera izao ezaka ataon'ny mpikarakara izao avokoa. Nialoha ny filaharana nandraisan'ireo mpifaninana rehetra dia nisy ny lalao ara-pirahalahiana nifanaovan'ireo mpanazatra ny klioba avy ao amin'ny vondrona « A » tamin'ny mpanazatra avy ao amin'ny vondrona « B ». Ankoatra izay, notolorana baolina avokoa ny ekipa mpandray anjara rehetra amin'ity andiany ity. Ekipa 78 avy amin'ny kaominina 26 mandrafitra an'Atsimondrano moa no hifaninana. Tsiahivina fa ny solombavambahoakan'Atsimondrano, Ratsivahiny Andry, miaraka amin'ny « Actions Sports », no mikarakara izany. Isan'ny hampiavaka ity andiany ity ny fanomezana fampiofanana ireo mpanazatra ny ekipa mpandray anjara rehetra, tanterahina amin'ny alakamisy izao. Fiaraha-miasa sy fanohanana avy amin'ny mpitantana ny CFEM, Rakotoarimanana Henintsoa, avokoa izany, ary izy ihany koa no tomponkevitra amin'ny hisian'ny fampiofanana ireo mpanazatra. Raha tetsy Soalandy no nanaovana ny famaranana tamin'ny taon-dasa, kianja synthétique kosa no hanatanterahana iznay amin'ity andiany 2023 ity, ka tena nahafaly ireo mpandray anjara rehetra izany.

Rabenaivo




Hetsika ara-kolontsaina tany Arabie Saoudite

# Nasongadina tamin'ireo vahiny ny "Maki de Madagascar"






Toy izao ny zavatra hita teo amin'ny tranoeva.

Nandray anjara tamin'ilay "festival culturel" izay hetsika ara-kolontsaina iray atao any Arabie Saoudite, ny marimarina kokoa ao amin' ilay tanàna antsoina hoe Medine, indray i Madagasikara. Ireo Malagasy monina sy mipetraka any moa no solotenantsika mandray anjara amin'izany ary dia miezaka izy ireo ny hampiranty izay zavatra mampiavaka an'i Madagasikara mba ho hitan'ireo vahiny. Efa tafiditra amin'ny andiany faha-11 amin'izao ity hetsika ity fa tamin'ny telo taona lasa kosa isika no nanomboka nandray anjara voalohany tamin'izany. Tamin' ity andiany ity dia nasongadina ny fananantsika maki, izay biby iray tsy misy afatsy eto amintsika ihany. Tsy nentina tany akory ity biby ity fa "mascotte" no nampiasaina, maro ireo mpizaha tany no liana niara-naka sary tamin'izany teo anoloan'ny tranoevantsika. Ankoatra izay dia naharihary ihany koa ny fananana volamena, satria dia noravahana mamirapiratra be tahaka ny volamena mihitsy koa ny tranoeva. Talohan'ity fampirantiana ity dia efa nampahafantatra ny garan'i Soarano sy ny lapan'i Manjakamiadana koa isika.

**Tanya.R**

Tetikasa Impact - USAID

# Nanome fitaovana mitetina iray tapitrisa dolara ho an'ny fikajiana vakisiny

Karazan'aretina 11 mpahazo ny zaza no voasoroka amin' ny alalan'ny fanaovana vakisiny. Anisan'izany ny lefakozatra na polio, raboka, tetanosy, difteria, kohadavareny, aretinaty, meninzita, pnemonia sy ny maro hafa. Tsy nisalasala nanampy ny minisiteran'ny fahasalamambahoaka tamin'ny alalan'ny tetikasa Impact ny Usaid izay nampiandraiketina ny PSI Madagascar ny fanatanterahana azy. Fitaovana mitentina 1 tapitrisa dolara ahitana "générateurs", "onduleurs", vatafampangatsiahana mandeha amin'ny herin'ny masoandro sy herinaratra, "onduleurs". Fitaovana ahafahana mitahiry sy mikajy ary mitatitra vakisiny manaraka ny fenitra avokoa izy ireo. Naparitaka amin'ny faritra dimy dia Atsinanana, Atsimo andrefana , Boeny, Melaky ary Analanjirofo ireo fitaovana ireo, natolotra tamin'ny fomba ofisialy tany Toamasina ny faran'ny




Maharitra herintaona ny vakisiny tehirizina amin'ity fitaovana ity.

volana aprily lasa ary natrehin'ny minisitry ny fahasalamam-bahoaka, Pr Randriamanantany Zely Arivelo, ny Tale Jeneralin'ny USAID Anne N. Williams ary olomanan-kaja maro. Olona manodidina ny 2,5 tapitrisa no hisitraka izany ka anisan' amin'ny Covid-19. Nofidiana manokana ny faritra Atsinanana nanaovana ny fanolorana ireo fitaovana ireo, satria azo ambara fa anisan' ny tsara indrindra ny tahan' ny fanaovam-bakisiny any an-toerana. Amin'ireo mponina 1 600 000 mantsy dia

*Aretina 11 mpahazo ny zaza no voasoroka amin'ny alalan'ny fanaovana vakisiny.*

izany vehivavy mitondra vohoka sy ny ankizy latsaky ny 5 taona ary ireo rehetra afaka manao vakisiny miaro ny 36 isanjato no vita vakisiny.
Na izany aza, mbola betsaka ireo honohono sy tsaho manakana ny olona tsy hanao vakisiny, eo ihany koa ny fiangonana izay mandrara ny mpino ao aminy hanao vakisiny, indrindra ilay miaro amin'ny Covid-19. Tena ilaina ireto fitaovana vaovao be ireto satria ny 20 isanjaton'ny fitehirizana vakisiny no manarapenitra. Misy 3 000 ny isan'ireo tobim-pahasalamana CSB ary ny 90 amin'ireo manana vatafampangatsiahina mandeha amin'ny herin'ny masoandro, ary ny 90 isanjato efa manana fomba fitehirizana, na "chaine de froid", avokoa. Mba hampiakarana ny tahan'ny fanaovambakisiny dia misy ny fanaparitahana ny toerampanaovana vakisiny ho an'ny orinasa sy ny fandefasana ekipa mobile manao fanentanana eny amin'ny oniversite, sy anivon'ny fokontany,ary eny amin'ny lycée.

**Nath**

Hatsikana

# "Nisokatra amin'ny fomba ofisialy ny "Itaosy kaomedy klioba"

Nosokafana tamin'ny fomba ofisialy tao amin'ny "Le Park Bemasoandro Itaosy-Unis" ny "Itaosy kaomedy klioba". Io no hetsika kolotoraly manaraka natao taorian'ny « bar à livres". Ao anatin'ity "Itaosy kaomedy klioba" ity moa dia ireo mpanao hatsikana vao misandratra no omena laka. Omaly araka izany no nanatontosana ny andiany voalohany. Mpiangaly hatsikana 4 mirahalahy no nisantatra ny sehatra, nahitana an'i Raytra Belaw'Yck, Finengo Mahasaky, Lanja Babene ary Tsiresy Radilofera.

**Maimaimpoana**

Natao maimaimpoana ny hetsika omaly saingy nangataka izay foy avy amin'reo mpijery izy ireo mba hanohanana ny asany.« *Somary teritery ihany ny toerana misy anay. Na izany aza, ho fanomezana sehatra ireo kanto tsy dia misy mivoy loatra, dia nosokafana ny varavarana. Tanjonay ny hitondra anjara biriky ho fampivoarana ny talentan'ny Malagasy mpiray tanindrazana* », hoy ny tomponandraikitra ka dia azo lazaina izany fa fitia mifamaly ny azy ireo sy ny an'ireo mpijery.

**Fy**



Izy efatra mirahalahy nanolotra ny talentany.

Covid-19

# Foana ny filazana azy ho hamehana ara-pahasalamana maneran-tany, hoy ny OMS

Nanao fanambarana ny Tale Jeneralin'ny OMS, Tedros Adhanom Ghebreyesus, fa foana hatreo ny hamehana arapahasalamana maneran-tany Covid-19. Efa voafehy tanteraka ity valanaretina ity telo taona aty aoriana rehefa nandripaka olona tsy latsaky ny 20 tapitrisa, nanimba ny toekarena ary nampisy elanelana be eo amin'ny fiainan'ny mponina rehetra. Tany amin'ny 30 janoary 2020 no fotoana nahiana indrindra tamin'ity valanaretina ity hatramin'ny fotoana nisiany. Amin'izao fotoana izao, miditra amin'ny fitantanana ity valanaretina ity amin'ny fotoana maharitra ny atao, sy ny fanentanana ny hafa hanao vakisiny hiarovana amin'izany. Voalazan'ny OMS ihany koa fa hatramin'ny volana janoary teo dia nidina hatrany amin'ny 95 isanjato ny taham-pahafatesana ary nihena toraka izay ihany koa ny fitiliana natao. Ny krizy no tsy misy intsony fa tsy ny Covid kosa anefa, hoy ny tomponandraikitra iray hafa. Eto Madagasikara kosa, raha ny antontan'isa farany nivoaka, tamin'ireo fitiliana 185 natao, 17 no voalaza fa nahitana tranga ary misy olona iray misy fahasarotana tsaboina eny amin'ny hopitaly. Ny 6 tamin'ireo tranga vaovao ireo dia hita teto Analamanga, 1 tany Boeny, 2 tany Matsiatra Ambony, 1 Itasy, 5 Vakinankaratra ary 2 tany Androy.

**Nath**


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Fanaka, frigo, congélateur, machine, kojakoja an-dakozia... Tél : 032.40.056.16 / 033.11.173.27. (G-BA 529/20-15)

* Poketra, debara, lamba, kiraro, machine, kilalao, boky, tel, vy. Tél : 033.92.035.13 / 034.89.917.62. (G-BA 533/13-11)

* Mm Feno. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara sns. Tél : 033.01.764.83 / 034.22.160.88. (G-BA 542/20-8)

* Fanaka, frigo, congélateur, salon, bahut, armoire sns. Tél : 034.20.405.10 / 033.11.785.44. (G-BA 532/10-1)

* Fanaka, frigo, congélateur, chaîne, télé, an-dakozia, etc....Tél : 034.74.225.75 / 033.25.796.88. (G-BA 534/10-1)

### COURS

* Cours coiffure complet, tsisy écolage, afaka misafidy fotoana hianarana. Tél : 034.51.209.99. (G-BA 539/15-9)

### VIDANGE

* Vidange fosse septique Makiplast, puisard, wc gasy, wc perdu. Tél : 034.20.084.25 / 033.21.723.00. (G-BA 535/15-11)

* Service vidange, fosse septique, wc gasy, puisard, pompage, réparation. Tél : 034.22.595.81 / 034.47.024.33. (G-BA 543/20-7)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 545/6-3)

* Manao asa momba ny vidange wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 545/6-3)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 545/6-3)

Ambohijanaka

# Nanapoaka basy ilay Sinoa nifamaly tamin'ny mpiasa

Notazomin'ny zandary ilay Sinoa nanapoaka basy nandrahona mpiasa tetsy amin'ny kariera famakiana vato ao Ambohijanaka. Resaka fifandirana no niatombohan'ny raharaha, satria nisy fahasimbana ny fiaran'ilay Sinoa. Rehefa nifanazava momba izany izy sy ireo mpiasa dia tezitra ilay teratany vahiny ka io nanapoaka basy io. Nosamborina avy hatrany moa izy ka natao fanadihadiana any amin'ny zandary. Araka ny voalazan'ireo mpiasa malagasy izay mpiara-miombona antoka aminy amin'ny asa famakiana vato dia nisy fifandirana mikasika ny fiarahamiasa amin'ity Sinoa ity sy ry zareo, satria nisy fahasimbana ny fiaran'ireo Malagasy nampiasan'ny Sinoa. Ny ankilany mba nangataka ny hanamboaran' ireo Sinoa izany ka teny tsy misy fanajana no setriny, ka io niteraka ny fifamaliana io. Saika raikitra mihitsy ny ady ary tonga hatramin'ny famoahana basy tany ambalahany, ary nanapoaka izany intelo ilay Sinoa. Ny herinandro teo ity tranga ity, tokony ho tamin' ny 1 ora tolakandro tany ho any.

**Fitaovam-piadiana**

Ny komandin'ny faripiadidian'ny zandarimaria Antananarivo no nampandre ny zandary ao Andoharanofotsy mahakasika ny tranga. Fantatra fa tratra teo Mahaimandry, kaominina Ambohijanaka, ilay Sinoa ka nentina notazomina ao amin'ny biraon'ny zandary Andoharanofotsy hanaovana fanadihadiana. Sarona ihany koa ny basy napoakany tamin'io fotoana io izay, basy poleta "marque Browning' s « Patent » cal 7,65 mm" sy bala. **Ariel D.**

"Miss Majestics"

# Maty tamin'ny môto nentin'ny anadahiny

Namoy ny ainy noho ny lozam-pifamoivoizana tamin'ny sabotsy hariva tokony tamin'ny 5 ora i Sitraka, andriambavilanitra (tsara tarehy) sady mpilatro nandrombaka ny amboara "Miss Majestics Moramanga" farany teo. Tra-doza tamin' ny môto izy sy ny anadahiny rehefa avy any Anjiro, nandeha "scooter" hihazo an'i Moramanga. Nanao taingondroa izy ireo ka i Sitraka no nentina fa ilay anadahiny no nitondra azy. Hiditra ny tanànan'Andriaka no niseho ny loza. Nifanena tamin'ny kamiao nitondra simenitra avy any Toamasina hiakatra aty Antananarivo izy ireo. Raha ny fanazavana dia efa tazan'ilay kamiao ihany ilay môto ary hitan'ny mpamilin'io fiara be io efa nivilivily, sady nandeha mafy izy mianadahy. Nanatona azy tany amin'ny ilany ankavia ilay kodiaran-droa ary mbola nanitsy sy nangalatra ny hitsin-dalana ihany. Niezaka niala azy ireo ihany ity kamiao ity mba hisorohana ny loza, kanjo arakarakaka ny nisian'izay no niverina tany amin'ilay kamiao ny môto ka namantana tany ambany kodiarana.

**Fifaninana "MISS"**

*"Vao naheno ny tranga izahay brigady misahana ny fifamoivoizana "BPR" Moramanga dia nandefa ny zandary nanao ny fanadihadiana. Natao ny vonjy aina ka tamin'io fotoana io no nahenoana fofontoaka tamin' ilay tovolahy. Tany amin'ny hopitaly kosa no namoy ny ainy ilay vehivavy fa ny anadahiny naratra mafy. Nanao aroloha ilay tovolahy fa ny anabaviny tsy nisy aroloha. Tsy maintsy natao ny fanadihadiana ary notazomina ny kamiao sy ny mpamily"*, hoy ny lehiben'ny zandary BPR.

**Ariel D.**

Morarano Gara

# Orinasa nisy namaky, 60 tapitrisa ariary tao anaty kaofra lasa

Nokendren'ireo mpamaky trano ny kaofra lehibe nisy volabe an'ireo orinasa sinoa "société CGC" tao Betsipolitra, fokontany Morarano gara, distrikan'i Moramanga, ny alarobia lasa teo. Nolavahan'ireo jiolahy ny rindrina ka nahafahany niditra tao amin'ny efitrano nisy ny kaofra. Voasokatra ihany koa io fitoeram-bola 60 tapitrisa ariary io. Tsy fantatra hatreto ny nahavanona ny asa ratsy fa olona iray no ahiahiana mafy ho mpiray tsikombakomba atidoha ambadik'izao raharaha izao. Taorian'ny fampandrenesana dia tonga nanao ny fizahana ny tranga teny antoerana ny mpitandro ny filaminana avy ao amin'ny zandary brigady Amboasary gara. Raha ny fanazavan'ny loharanom-baovao dia volabe handoavana ny karaman'ny mpiasa io lasan'ny olon-dratsy io, ary efa nokendren'ireo jiolahy mihitsy izany. Mandeha ny fikarohana ary mpiasa iray no nanaovana fisavana trano, saingy tsy tratran'ireo mpitandro ny filaminana nandritra ny fotoana nanaovan'izy ireo fidinana ifotony. Andrasana ny tohiny.

**Ariel D.**

## Tatsy sy taroa

***#Nitrangan'ny lozam-pifamoivoizana nahatsiravina tetsy amin'ny Lalambaovao Andramiarana, fokontany Morondava, kaominina Ambohibao Antehiroka, omaly tokony ho tamin'ny 2 ora sy sasany.*** Fiara « 4x4 » iray nandeha mafy no tafavoaka ny lalana tokony nalehany ka nandona « taxi » iray teo amin'ny sisindalana, avy eo nandona andrin-jiron'ny Jirama. Nilatsaka tao anaty ranon'Ikopa mihitsy ilay taxi ary nisy olona tao anatiny. Ankoatra izay dia voalaza fa mbola nifaoka mpandeha an-tongotra ihany koa ilay «4x4». Mbola tsy nazahoana vaovao ny isan'ny maratra sy ny maty teny an-toerana.

***#Mpanendaka iray nitondra basy sy antsy tetsy Antsahamanitra no lavon'ny balan'ny polisy omaly ny maraina.*** Polisy manao fanamiana sivily efa miandry ireo mpanao ratsy manodidina an'Antaninarenina sy Antsahamanitra no nahita ity mpanendaka ity saika mbola hanohy ny asa ratsiny. Efa maro ny olona nitondra takaitra teny amin'ny faritra Antsahamanitra iny noho ny nafitsok'ity jiolahy ity.

**Ariel D.**

Raharaha Dylan Thily

# "Mitonon-tena amin'ny fandikan-dalàna ataony izy", hoy ny Minisitry ny Mponina



**Nivoaka ny didy tsy hahafahan'ity "influenceur" ity miditra eto amintsika intsony.**

*"Azo lazaina fa mitonon-tena amin'ny fandikan-dalàna ataony Atoa Dylan Thily raha ohatra ka misy ny tranga fananganana zaza na fanondranana olona tsy ara-dalàna nataony. Manentana ny Malagasy mpiray tanindrazana rehetra hitoroka na hampandre ny manam-pahefana akaiky antsika na eny anivon'ny Minisiteran'ny Mponina sy ny Fiahiana Sosialy ary ny Fampiroboroboana ny Vehivavy, raha sendra mahita tranga fananganana zaza tsy aradalàna na koa fanondranan-jaza an-tsokosoko"*, hoy ny minisitra Soafilira Princia tamin'ny mpanao gazety. Ny tanjona dia ahafahana misoroka ny *toe*-javatra tahaka ireny mandeha amin'ny tambajotran-tserasera ireny. Niparitaka ny horonam-peo milaza ny fikasan'i Dylan Thily amin'ny zaza malagasy, mitentina 150.000 Euros ny zaza iray. *"Efa nisokatra ny fanadihadiana mikasika an'io raharaha io raha vao hitanay ny fiparitahan'ny horonam-peo. Hatreto tsy mbola misy ny zaza malagasy naondrana tany ivelany nataon'io teratany vahiny Io. Ny taona 2022 no nivezivezy indroa teto Madagasikara izy. Indroa niditra sy nivoaka ny sisin-tanin'i Madagasikara. Tsy nisy zaza malagasy niaraka taminy nandritra ny fivoahany ny sisin-tany"*, hoy kosa ny Minisitry ny Filaminam-bahoaka. Araka ny fehezan-dalàna andininy faha-27 sy 28 ao anatin'ny lalàna 2014-040 dia afaka manenjika sy mitsara ary manasazy an'ireo olona nandika lalàna misehatra amin'ny fanondranana olona antsokosoko any ivelany ny fitsarana malagasy na eto antoerana. Manaraka akaiky an'ity raharaha ity ny Minisiteran"ny Filaminam-bahoaka ary manamafy ihany koa ny fiarovana ny zaza malagasy.

**Heriniaina A.**


La Société ENERGIS fd informe le public que :

- Monsieur LABROSSE Louis, notre ancien Directeur Commercial ;
- Monsieur RAOILISON Zara, notre ancien Responsable Technique ;

Ne font plus partie de notre personnel.

Ainsi, nous déclinons toute responsabilité quant aux agissements de ces personnes au nom de la Société.

La Direction

GCL 509/2-1


## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

**Afo**




## Masoandro Miposaka

**Jaona 20 : 19**

19 Ary rehefa harivan'ilay andro voalohany amin'ny herinandro, raha voarindrina ny varavaran'izay niangonan'ny mpianatra, noho ny fahatahorany ny Jiosy, dia tonga Jesosy ka nitsangana teo afovoany, dia nanao taminy hoe: Fiadanana ho anareo.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05

## Hatsikana an-tsary

**Voan'ny côcô**







Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Tapak'ila aketa, ila-tsintsina : izay kely azo iaraha-mizara.**

Il faut partager équitablement le peu qu'on obtient, fût-ce la moitié d'une sauterelle ou d'un petit oiseau.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2943

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | 1 | | | | 4 | |
| 9 | | 5 | | | | 7 | | |
| 3 | | | | 4 | | | 5 | |
| | 8 | | 4 | | | | | 3 |
| 2 | | | | | 8 | | | |
| | | | | | | | 9 | 5 |
| | | | 2 | | | | | 6 |
| | 1 | | | 9 | | | | |
| | 9 | | 6 | 7 | | 3 | | |

Valin'ny laharana 2943

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 7 | 1 | 2 | 3 | 9 | 6 | 5 | 8 | 4 |
| 6 | 5 | 4 | 7 | 8 | 2 | 3 | 1 | 9 |
| 9 | 3 | 8 | 1 | 5 | 4 | 2 | 7 | 6 |
| 2 | 8 | 3 | 9 | 7 | 5 | 4 | 6 | 1 |
| 4 | 7 | 5 | 6 | 2 | 1 | 9 | 3 | 8 |
| 1 | 9 | 6 | 8 | 4 | 3 | 7 | 2 | 5 |
| 3 | 4 | 7 | 5 | 6 | 8 | 1 | 9 | 2 |
| 5 | 6 | 1 | 2 | 3 | 9 | 8 | 4 | 7 |
| 8 | 2 | 9 | 4 | 1 | 7 | 6 | 5 | 3 |

Marc Ravalomanana

# “Maika ny firosoana amin’ny fifidianana, tsy mila tetezamita izany”



Enim-bolana alohan’ny daty naroson’ny CENI hanatanterahana ny fifidianana izay ho filoham-pirenena, manomboka mivoaka ety ivelany ny tetika hanemorana, mba tsy ilazana hoe hanakanana izany. Tato anatin’ny herinandro vitsivitsy izao, niverimberina hatrany ny fanehoan-kevitra politika manodidina ny tokony hanangana rafitra tetezamita hanomanana izany fifidianana izany. Nazava kosa ny fomba fijerin’ny Filoha teo aloha Marc Ravalomanana manodidina izany nandritra ny fandraisampitenenany tao anatin’ny kongresim-paritry ny TIM tany amin’ny faritra Atsinanana ny faran’ny herinandro teo. Notsipihany tamin’izany fa maika ny firosoana amin’ny fifidianana noho ny mpitondra ankehitriny tsy manao laharam-pahamehana ny tombontsoam-bahoaka sady tsy mahafehy intsony ny fitantanana ny raharaham-pirenena, ka avela hisafidy ny vahoaka na mbola ekeny ny hanome fahefana azy na tsia. Ambonin’ izay, naneho ny fanoherany izay tetika rehetra mamofompofona fananganana rafitra tetezamita eto amin’ny firenena mialoha io fifidianana filoham-pirenena io ity filoham-pirenena teo aloha ity ary milaza ny efa tsindrian-daona hitondra ny fahaizany mba hanavotany indray ny fiainan’ny Malagasy ao anatin’izao fahantrana lalina izao.

**KMMR**

“*Misy ny mieritreritra fa tsy hisy ny fifidianana. Azafady! Mila mandray an’io fahefana io amin’ny fomba demokratika izahay. Tsy mangataka tetezamita izany mihitsy isika. Fifidianana madio ihany no andrasantsika satria izany no araky ny lalàna*”, hoy Ing. Marc Ravalomanana tamin’izany. Mikasika izay resaka fanomanana ny fifidianana izay hatrany, niantso ny olony manerana ny nosy mba hivondrona hanangana indray ny komity Mpanohana azy, na KMMR, ity laharana voalohany eo anivon’ny antoko Tiako I Madagasikara ity. “*Tena hanao azy aho fa aza matahotra ianareo. Isika izao ilay hanangana firenena vanona. Hiaraka hifanome tànana amin’ny fandraisan’ny tsirairay andraikitra isika hanarina indray ilay Madagasikara Voajanahary.*”, hoy ny toky nomeny ny mpanaradia azy tamin’izany. Nisy ihany koa ny antso nataony tamin’ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana nandritra ny fandraisam-pitenenany. “*Miantso ny CENI hanitsy ny lesoka sy ny kitoatoa ao anatin’io lisi-pifidianana vao nohavaozina io izahay*”, hoy ny teniny.

Mamy R.

## Marina izany !

### Azo atao tsara... !

**Namarana ny fankalazana ny andro iraisam-pirenena ho an’ny fahalalahan’ny asa fanaovan-gazety ny «Tournoi Inter Médias» natao tetsy Mahamasina ny faran’ny herinandro lasa teo. Hay moa azo atao tsara ny mifaninana ao anatin’ny firaisankina raha ny fizotran’ny lalao teo amin’ny taranja baolina kitra sy basket-ball. Ekena fa teo ny fitsipiky ny fifaninanana sy ny mpitsara nanankinana ny fitantanana ny lalao isaky ny taranja, kanefa lasa alohan’izany rehetra izany ilay firaisankina nasehon’ny mpanao gazety, indrindra moa rehefa vita ny fifandonan’ny ekipa roa nifanandrina. Azo atao tsara ny mifaninana hahazo ny laharana voalohany ao anatin’ny firaisankina sy ny firahalahiana. Hisy ny hilaza fa noho ny maha-iray asa iray aina no manazava izany. Asa moa raha kisendrasendra na fifanandrifian-javatra fotsiny ihany fa miseho izany ao anatin’ny taona hiatrehantsika fifidianana filoham-pirenena. Toy ny miteny sy mitodika amin’ny mpanao politika eto amin’ny firenena mantsy ilay hafatra. Asa tokoa moa raha azo atao tsara ny mifaninana eo amin’ireo mihazakazaka ho lohan’ny firenena ao anatin’ny firaisankina sy ny fihavanana ? Ny zava-misy tsy azo lavina aloha, mizarazara ny mpanao politika sy mpomba azy ka ao ireo any amin’ny toeran’ny mpanohitra ary ao ireo any amin’ny toeran’ny miandany amin’ny fitondrana ankehitriny. Tsy asa moa ny fanaovana politika fa fikatsahana fahefana sy tombontsoa ka sarotra ihany ny hilaza ireo mpanao politika iray aina ! Sanatria ve noho izany no mampahazo vahana ny fahantrana mihalalina sy ny fahasahiranana saika isan’androvaky izao eto amin’ny firenena ! Mitaky firaisankina mantsy ny fiatrehana sy ny fanafoana ary ny fandresena ireo ! Raha azo atao tsara àry ny mifaninana ao anatin’ny firaisankina eo amin’ny fanatanjahantena, nahoana tsy mety izany eo amin’ny tontolo politika eto amintsika ?**

Herivonjy RAJAONAH

Lisi-pifidianana

# Manitsy ny lesoka eny ifotony ny Filohan'ny CENI

Taorian’ny tany Antsirabe sy Ambositra ary Fianarantsoa dia nanatanteraka iraka tany Toliara indray ny delegasiona avy amin’ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana tarihin’ny Filohany, Dama Arsène Andrianarisedo, ny faran’ny herinandro teo. Isan’ny votoatin’ny dia mandritra izany ny dinidinika sy fanaraha-maso ny asan’ireo rantsa-mangaikan’ny CENI fa indrindra fanitsiana ny lesoka sy ny fomba fiasa ao anatin’izao fanatanterahana ny fanavaozana tanteraka ny lisipifidianana izao. Raha ny zava-misy, tsy vitsy no mitaraina fa nanoratra ny anarany, nefa tsy hita ao anatin’ny lisitry ny mpifidy. Mandrirarira an’ireo mangata-panazavana ny fokontany. Misy ihany koa ireo milaza fa manivana olompirenena feno taona tokony hampidiriana anaty lisi-pifidianana ny tomponandraikitra sasany eny anivon’ny fokontany. Asa, noho io antony io ve no nahatonga ny mpikamban’ny CENI manao bemidina any amin’iny ilany atsimon’ny Nosy iny amin’izao fotoana. Ny filohany rahateo vao nampanantsoin’ny Filoham-pirenena teny amin’ny lapampanjakana, ny alatsinainy lasa teo.

**Tambin-karama**

Etsy andanin’izany, isan’ny votoatin’ny dia ihany ny koa ny fanamafisana ny fanentanana ny olompirenena hisoratra anarana eny anivon’ny fokontany hatramin’ ny faha 31 mey ho an’zay mbola tsy nahavita ny adidiny, ary koa fanentanana ny fanamarinana eny anivon’ny fokontany na ao amin’ny tranokalan’ny CENI ho an’izay efa nahavita. Farany, noresahina nandritra izany fidinana ifotony izany ihany koa ny fandoavana ny tambinkarama manokana ho an’ny mpikambana eo anivon’ny CLRE sy CEC, araka ny volavola nataon’ny Birao maharitry ny CENI ka nankatoavina tamin’ny alalan’ny didim-panjakana mba ho fampirisihana noho ny vesatry ny asa mandritra ny fanavaozana tanteraka ny lisitry ny mpifidy. Araka ny loharanom-baovao avy eny anivon’ny CENI, mitentina 8 miliara Ar no hozaraina izay mitsinjara toy izao : 150.000 Ar isaky ny CLRE ary 100.000 Ar ho an’ny mpikambana CEC. Teto amin’ ny renivohi-paritra Atsimo andrefana no nanamarihana ny fiantombohan’ny fizarana.

Mamy R.

Me Rakotonirina Herilalaina

# “Tsy ara-dalàna ny nanesorana ahy tsy ho filohan’ny holafitry ny Vadintany”

Raha mbola honohono teo aloha dia voamarina ankehitriny fa nesorina tamin’ny maha filohan’ny holafitry ny vadintany sy ny mpanao lavanty azy ny Me Rakotonirina Herilalaina. Nivoaka tamin’ny fahanginany sy nitondra fanazavana mikasika izany io mpahay lalàna sady andefimandrin-dRtoa Raissa Razaivola io raha nitafa tamin’ny mpanao gazety ny faran’ny herinandro teo. “*Sesilany ny tsindry hazolena sy fanaovana valifaty anay mivady amin’izao fotoana. Ankoatra ny fanasaziana ny andefimandriko noho ny antony tsy mazava, dia nesorina tamin’ny maha filohan’ny holafitry ny vadintany sy ny mpanao lavanty eto Madagasikara ihany koa ny tenako amin’izao fotoana. Tsy ara-drariny sy fandikana lalàna izany. Miaina eto amin’ny tany demokratika isika ary ny tenako dia voafidin’ny vadintany manerana an’i Madagasikara kanefa dia nesorina noho ny tatitra diso.Tsy azo ekena izany*”, hoy ny fanazavany. Niantso ny filoham-pirenena mba hijery akaiky izao toe-javatra mahazo azy sy ny andefimandriny izao moa ny Me Rakotonirina Herilalaina tamin’izany.

Mamy R.

**Gazetiko**

novokarina sy natontan’i MIDI MADAGASIKARA S.A.

Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000

**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA

**Talen’ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON 034 34 697 06

**Talen’ny Famoahana sady Tonian’ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10

**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo

**B.P.** 1414 - Antananarivo

**Tél.:** 22 697 79 / 22 697 80

**Fax.** 22 273 51

e-mail:midigazetikom@gmail.com

**D.L.I.:** 16 070 - 05 - 23

**Isan’ny natonta :** 25 000

*Nahandro*

### Fanamboarana dibera amin’ny voanio

**Zavatra ilaina** : rano roa kaopy, voanio voakiky tapakaopy, lafarinina roa sotro lehibe, asiana sira kely.

**Fomba fikarakarana azy** : Afangaro daholo izy rehetra ireo dia ranoina amin’ny « mixer » . Andrahoina dimy minitra ambony afo dia haroharoina tsy mijanona. Alohan’ny hanosorana azy amin’ny mofo dia avela hangatsiaka aloha.

**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran’ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin’ireo “Petites annonces” izay 500 ariary isan’andro. Atero aty amin’ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan’Analakely Ambatonakanga na aty amin’ny foiben’ny GAZETY Ankorondrano ny “Petites annonces”.

*“Izay tonga aloha tompon-tanindrazana.”*

*Fenoy amin’ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin’ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Telma

MIZARA KADOA !

# Lalao'tsika



MAMPIASÀ TOLOTRA *Telma Net* NA Ye'low ONE DIA

## MAHAZOA KADOA FOANA !

MANDRAISA ANJARA AMIN'NY FISARIHANA

## LOKA BE DIA BE !

Lalao manan-kery ho an'ny laharana **034** sy **038** rehetra
Loka isan-kerinandro sy loka goavana amin'ny faran'ny lalao ny 16 Jona 2023. Ny fisarihana ny loka lehibe dia ny 16 Jona 2023

SEL/024/DG/23

G-CL 500/1-1

www.telma.mg Telma Madagascar